# 365Tantara

## 29.Navotan'ilay injeniera malaza!



# 29. Navotan'ilay injeniera malaza!

Nandritra ny fanamboarana ny tetezan-dalamby lehibe ambonin' ny "Gironde", tany Bordeaux.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



dia nisy mpiasa iray ratsy vitana nianjera tao anaty rano.



Ny injeniera malaza Gustave Eiffel, izay saika nampaharitra mandrakizay taty aoriana, tamin' ny. Nanamboarany ny tilikambo (Tour) izay mitondra ny anarany no nanao sary ny drafitra ary teny amin' ny toerana tamin'izay.



Tsy nisalasala izy nanala ny kirarony, ny akanjony, ary nitsambikina tao anatin' ny rano.

Tongany teny amoron'ny rano ihany ilay lehilahy tamin' ny farany.

Dia hoy izy avy eo tamin'ny ekipany: - Manàna hatsaram-panahy ka mifatorà tsara ianareo, tiako marina tokoa ny milomano fa tsy rehefa manao akanjo aho!

Nigagana ny fahaizan'i Gustave Eiffel.



Ary azo igagana koa ny herim-pony, ny herim-pony lehibe.Raha ny marina, naka loza ilay mpiasa tsy nitandrina ny foto-fepetra momba ny fiarovana. Ho valiny kosa, dia ilay injeniera lehibe indray no voatery naka loza mba hanafahana azy tsy ho faty an-drano. Isika koa, moa ve isika tsy efa naka loza nandika ny lalàna napetraky ny Mpamorona izao tontolo izao? Nandrevo tao anatin' ny rano misy fikotabataban' izao tontolo izao isika. Efa tokony vita ny amintsika raha tsy ny Mpamorona mihitsy no nirotsaka an-tsehatra ho antsika.Ary raha levona tao anatin'ny ranom-potaky ny fahotana isika dia tonga hamonjy antsika i Jesosy.Satria hoy izy, miresaka momba Azy: Fa efa tonga ny Zanak'olona hitady sy hamonjy ny very. Filazantsaran'i Lioka 19:10. Fa nataony tamin' ny vidin'ny ainy izany, tamin'ny nahafatesany ho antsika teo amin'ny hazo fijaliana.